## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**22/01/2022 hatramin'ny 29/01/2022**

- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 020 22 670 70 / 034 02 670 70 / 032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58 / 032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1256-10-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIAINAM-PIRENENA**

# Manana ny lanjany lehibe ny tolotanana avy amin'ny olom-pirenena

Mihitsoka ao anaty fahavoazana mafy ny firenena ankehitriny, na amin'ny olona na fotodrafitrasa ary mifandraika amin'izany ny lafiny ara-piharina sy fivelomana, vokatry ny nafitsoky ny loza voajanahary. Raha ny fanombanana ny toe-draharaha, dia tsy tafavoaka irery amin'izao ny fitondrana, fa tsy maintsy mila ny fanampian'ny hafa. Ny nihazakazahan' ny fitondrana dia ny nanao antso tamin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena, tamin'ny alalan'ireo diplômaty miasa eto amin' ny firenena sy ireo lazainy ho naman'i Madagasikara. Tsy tokony ho adinoiny koa anefa, fa ny Malagasy, raha mbola Malagasy koa dia mbola manana ilay saina sy toe-po mirakitra ny soatoaviny, dia ny fifanampiana amin'ny fotoan-tsarotra. Mbola misy malagasy toy izany eto na dia noezahan'ny mpampisara-bazana nopotehina sy nofoanana aza izany nanomboka tamin'ny andron'ny fanjanahantany no mankaty ary mandraka ankehitriny. Anisan'ny iray amin'ireo manana izay malagasy mifanampy amin'ny andro sarotra izay ny fiangonana, ary iray amin'izany eo anivon'ny Fjkm. Nisy araka izany ny fanapahan-kevitra noraisin'ireo tompon-andraikitra ao aminy nanomboka ny talata teo, ny amin'izay fanentanana ny mpivavaka ao aminy izay, hiara-hientana hanampy ny mpiray tanindrazana traboina amin' izao fotoana izao. Ary tsy amin'izao ihany, fa ny amin'ny manaraka ihany koa. Voalaza mantsy fa mbola hisy rivodoza hafa mety mbola ho avy ao anatin'izao fotoam-pahavaratra izao handalo eto amintsika. Efa misy araka izany ny fandaminana nataon'ny fiangonana ho amin'izay fanampiana izay.

Tsy ny fiangonana ihany anefa no manao izay, sy mihevitra sy mikasa hanao izay fanampiana ny mpiray tanindrazana izay, fa ny fikambanana sy ny olom-pirenena isan-tsokajiny maro samihafa ihany koa. Eo indrindra no tiana asiana tsindrimpeo, satria tsy adino ny fihetsiky ny fitondrana tamin'ilay mpanao politika nikasa hanao fanampiana ny tany Alaotra Ambatondrazaka tamin'ny fotoana nisiana tondra-dranobe taona vitsy lasa izay tany an-toerana, ka nosakanan'ny fitondrana ny tenany. Lasa resaka politikia ny zava-nitranga. Teo ihany koa ny nitranga tamin'ny fanampiana ny mponina tany atsimo izay nahenoina trangan-javatra nampieritreritra be ihany. Voin-kava mahatratra ny soatoavina malagasy. Fiaraha-mientana no zava-dehibe ahafahana miàla ao anatin'izao fahasahiranana lalina mihàtra eto amin'ny firenena izao. Izao fotoana izao ihany koa no andrefesana indray, hatraiza ny fahamafisan'ny fihavanana sy ny firaisankina eto amin' ny firenena, sy ny fiaraha-mientana eo amin'ny fitondrana sy ny vahoaka malagasy.

**Sôh'son**

Tao aorian'ny andro ratsy

# Niaka-bidy avokoa ny legioma any Toamasina

Tao aorian'ny andro ratsy nisy teto amintsika andro maromaro izao, ka nahatapaka ny lalana tao Moramanga, niaka-bidy avokoa ny legioma any Toamasina faritra Atsinanana. Noho ny haratsian'ny làlana nateraky ny andro ratsy dia niato avokoa ny fifamoivoizana tamin'iny làlam-pirenena faharoa iny, nandritra ny roa andro teo. Ankehitriny efa miha-miverina amin'ny laoniny izany, ary efa afaka mandeha koa ireo fiara naventy, satria efa voapetraka ilay "pont bailey" any Moramanga. Ho an'ny mponina any Toamasina, izay manafatra ireo legioma avy aty an-drenivohitra sy ny manodidina dia nisy fiantraikany lehibe izany, satria nahitana fiakarany avokoa ny vidiny. Manomboka amin'ny 4000 Ar ka hatramin'ny 6000 Ar ny kilaon'ny voatabia. Ny karaoty kosa dia efa misy tafiakatra hatramin'ny 7000 Ar ny kilao. Vidiana amin'ny vidiny 5000 Ar ny kilaon'ny haricot vert, raha 4000 Ar ny ovy. Hita ihany koa fa samy manao izay vidiny hitiavany azy ny mpivarotra amin'izao. Andrasana izay ho fidinan'ireo vidina legioma ireo satria efa miverina amin'ny laoniny ny fifamoivoizana any Moramanga.

**Niaina**



*Legioma, anisan'ny miaka-bidy any Toamasina.*

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 370**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0369)

**Mitsivalana**
- Mihainoa
- Avana (miv) - An
- Nafenina
- Valala
- Otra (miv)
- Oh
- Mandalo (miv)

**Mitsangana**
- Mankato
- Ina
- Hafatra
- Avelo
- Anay (miv) - RN
- Ilo
- Anao (miv) - OM
- Havana (miv)

## TENY MIFANARAKA N° 370




**Mitsivalana**

**1.** Manarama am-pahatsorana **2.** Foto-tenin'ny otazana - Aotra - Simba sy masiso (miv) **3.** Fitaovantsika **4.** Raikitra ny dia - Diky **5.** Taova - Aretina **6.** Miandraikitra fisavàna - Mialoha ny olo-masina **7.** Azo amin'ny ranomasina (miv) - Faneva (miv) **8.** Vola fanomezana - Mpanoritra **9.** Olo-masina - Heno - Endrika sy fihetsika (BR) **10.** Tsara (BL) - Volana maro

**Mitsangana**

**A.** Sezanareo **B.** Efa tranainy (miv) - Potika **D.** Mamangy **E.** Mamarana ny kilalao - Bengy **F.** Mampisafidy - Faran-teny **G.** Potehinareo **H.** Tsara sy mahafinaritra (miv) - Fifanarahana amin'ny lalàna **I.** Tontosa (BL) - Oroka **J.** Karazana aretina - Fanehoana zava-marina **K.** Tiantsika, tadiavintsika

### Valiny Teny mifanaraka 0369

**Mitsivalana**

**1**.Fiarakodia **2**. Ody - Natory **3**. Kintana - In **4**. Ora - Re **5**. Na - Lafatra **6**. Ondana - Eo **7**. Laoka - Alao **8**. OO - Irony **9**. Alehanao **10**. AS - Eo - Voay (miv)

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B**. Idiranao **D**. Aina - Do **E**. Lakile **F**. Anaranareo **G**. Kanefa - OH **H**. Ota - Anay **I**. Do - Atelina **J**. Iry - Roa - Ao **K**. (L)ainga - Volo (miv)